Département des Sciences de la Terre

UNIVERSITÄT BERN

Institut für Geologie

**Communiqué de presse**

16 mars 2011, Berne et Antananarivo

# Mbola nisy volokano mihetsika eto Madagasikara : Ny fihetseham-bolokano tao Kasigie (Itasy) 2000/2001.

**Nisy ireo resaka nandeha nandritry ny taona maromaro nilaza fa nisy volokano nihetsika tao Kasigie, faritr'Itasy, afovoan'i Madagasikara. Fanadiadiana sy fikarohana ny fahamarinan'io na tsia no nataon'Andriamatoa isany Guido Schreurs (Oniversiten'i Berne, Suisse) sy Rakotondrazafy Amos Fety Michel (Oniversiten'Antananarivo, Madagasikara)**

Atramin'izao dia volokano roa ihany no fantatra fa misy fihetsehany aty amin'ny faritra andrefan'ny Ranomasimbe Indiana, ny " Piton de la Fournaise" ao amin'ny Nosy La Reunion sy ny "Karthala" ao Grande Comore. Ireo volokano roa ireo no mateti-pihetsika tato anatin'ny taona vitsivitsy izay. Ny Piton de la Fournaise dia vao ny 2010 teo ary ny Karthala kosa dia ny 2007. Ireo vatombolokano nipetraka farany teto Madagasikara kosa dia efa 12000taona lasa no niseho.

Ny volokano Kasigie na Kasige dia ao anatin'ny sahambolokanon'Itasy, mampiseho endrika maro manaitra toa ny kitso sy ny tsiranom-bolokano ary ireo farihin-davam-bolokano. Kasigie dia vohikitsondavenona sy sikaory na masofera izay manodidina ny lavaka nivoahany, mideza atrany amin'ny 1662m no ahavony ary mahatratra 35o ny fisolampin'ny tehezany. Ny tampony dia lava-bolokano miendrika koveta.

Ny taonan'ny niforonan'io kitsom-bolokano Kasigie io dia mbola tsy fantatra fa ireo asa teny antoerana kosa nampiseho sy nanamafy fa nisy fihetsehana maivana niseho vao haingana tokoa teo amin'ny tehezany andrefana. Ita eo ireo vatom-bolokano samy hafa habehy : lavenom-bolokano mainty sy baomba-mbolokano mahatratra 20sm.



Institut für Geologie
Guido Schreurs
Baltzerstrasse 1+3
CH-3012 Bern
Tel. +41 031 631 87 60 / 61
Fax +41 031 631 48 43
schreurs@geo.unibe.ch
www.geo.unibe.ch

Ny fampitahana ireo sary azo avy amin'ny zana-bolana nalaina tamin'ny fotoana samy hafa mampiseho fa nisy fihetsehana maivana tato ato, ny taona 2000 na ny fiantombohan'ny 2001 . Io fihetsehana io no nahatonga ny fihetsehana ita eo amin'ny tehezambohitr'andrefan'i Kasigie.

Na dia atao hoe kely sy maivana aza io fihetsehana io dia mampiseho fa misy ny fanambanana volokano amin'io toerana io.

Taloha ela be dia ela be tany dia tao antin'ilay tany be atao hoe Gondwana i Madagasikara. Teo anelanelan'i Afrika Atsinanana sy India no nisy azy. Ny fahapotehan'ny tany be Gondwana no nampisy an'i Madagasikara. Teo amin'ny 150 tapitrisa taona teo ho eo aloha no nisarahany tamin'i Afrika niaraka tamin'i India, avy eo nisaraka taminy indray i India tany amin'ny 90 tapitrisa taona tany ho any. Ny fisarahan'i India tamin'i Madagasikara io dia niaraka tamin'ny fisehoam-bolokano maro nanerana an'i Madagasikara ary azo fantarina tsara ireny. Taty aoriana, nandritry ny ampolotaonan-tapitrisa maromaro, tsy nisy intsony ny fihetsehambolokano teto amin'ny Nosy. Kanefa, efa ho 30 tapitrisa taona izao dia nisy fanombohampihetseham-bolokano mitsitapitapy indray teto Madagasikara, izay nahazo ny afovoantany sy ny any avaratra indrindra.


Nanomboka ny 2005, ireo mpikaroka avy ao amin'ny Oniversiten'i Berne sy Antananarivo, miara-miasa amin'ireo mpikaroka ao amin'ny Oniversiten'i Copenhague sy ny Museum d'Histoire Naturelle ao Genève no niasa tamin'ireo volokano tampovoantanin'i Madagasikara ary mbola manohy izany amin'ny fijerena akaiky ireo vato avy amin'ny ireo fihetsehana vaovao tao Kasigie.

**Contact:**

Dr. Guido Schreurs
Institut de Géologie
Université de Berne
Baltzerstrasse 1+3
3012 Berne, Suisse
schreurs@geo.unibe.ch
Tel.: +41 (0)31 631 8760


Prof. Rakotondrazafy Amos Fety Michel
Département des Sciences de la Terre
Faculté des Sciences
Université d'Antananarivo
Antananarivo, Madagascar
hibonitemada2@yahoo.fr
Tel.: +261 (0)32 0777135

**Sary**: (Download http://www.geo.unibe.ch/medien)





Toerana misy ny volokanon'i Kasigie




Ireo sary azo avy amin'ny zanabolana Ikonos ny 20 aogositra 2001 mampiseho ny saham-bolokanon'Itasy (ankavia) sy ny volokanon'i Kasigie izay ahitana ireo vatombolokano vaovao sy ilay fihetsehana teo amin'ny tehezany andrefana (ankavanana). ©GeoEye , LLC, all rights reserved. Sary nalaina tao amin'ny : www.landinfo.com.



Ireo vatombolokano avy amin'ny fihetsehana ny 2000/2001. Eo aoriana kosa ny tampon'i Kasigie. Sary nalaina ny janoary 2011.



Sarin'ny volokano Kasigie azo avy amin'ny zanabolana Landsat ETM+, nalaina ny 12 may 2000 (ankavia) ary ny 21 aprily 2001 (ankavanana). NASA Landsat Program, USGS, Sioux Falls